Andry Rajoelina 2

**Vao mainka mampilentika azy ny fanambarany ny alahady teo**

Hafari Malagasy sy Fima 6

**Hitady vahaolan'ny tantsaha amin'ny resaka tany any Mampikony**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 18 jolay 2023 Laharana 1454 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com


facebook : gazety valosoa rakoto


Olan'ny delestazy 3

**Rajoelina no tokony hiala raha tsy voavaha afaka 3 herinandro**

**Filoha Ravalomanana** 2

## «Décidé» amin'ny firotsahana hofidiana amin'ny fifidianana Filoha



**Miala Rajoelina** 3

## Mandiso tantara hatrany tsy ao ny lentam-pahaizany

# J - 53

**Imbeh Jovial** 2

## Tsy marina avokoa ny 70% ny statistika navoakan-dRajoelina



**«Nampoina, ny riaka no valampariako»** 6

## Sarimihetsika Malagasy ho fanamafisana ny firaisam-pirenena




**Projet présidentiel** 6

Tsy ekena ny fampanofana ny Nosy Sakatia 99 taona hoy ny Collectif Tany

**Lalao Asief Nasionaly "Tamatave 2023"** 6

Ny tsara ho fantatr'ireo mpandray anjara

**Daka kely**

Toa tsy mahaaro an'ialahy intsony ireo be kintana marobe ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA

# ‘’Décidé” amin’ny firotsahana hofidiana amin’ny fifidianana Filoha

Nanatrika ny fanakalazana ny fetim-pirenena Frantsay, ny 14 jolay, teny amin’ny tranon’ny Masoivohon’i Frantsa eto Madagasikara, teny Ivandry, ny zoma teo ny filoha nasionalin’ny antoko TIM, Marc Ravalomanana. Nararaotin’ny mpanao gazety ny nanontany azy momba ny raharaham-pirenena teny an-toerana. Nanamafy ny filoha Ravalomanana nandritra izany fa vonona tanteraka hiatrika ny fifidianana filoham-pirenena amin’ity taona ity. Tena décidé aho hoy izy, satria tena mahantra loatra ny vahoaka sy ny firenena amin’ izao fotoana. Mahakasika ny antoka 200 tapitrisa Ar amin’ny fifidianana, nanambara izy fa tsy olana aminy izany, saingy kosa, mety ho sakana amin’ny kandidà hafa te hirotsaka hofidiana amin’ny fifidianana ho avy ny 9 novambra ho avy izao io. Voahitsakitsaka indray ny demokrasia noho izany, hoy izy. Ankoatra izany, miantso ny rehetra izay vonona hiaradia sy hiasa miaraka aminy izy, HIOMANA sy ho VONONA ary ho SAHY hiatrika ny zotram-pifidianana rehetra. Mahakasika ity fifidianana ity, nanambara ny Ambasadaoron’i Frantsa monina sy miasa eto amintsika Arnaud Guillois fa tsy mitsabaka amin’izany ny fireneny, saingy kosa tsy hitazam-mpotsiny fa hanampy, ary efa nandrotsaka ny fanampiany amin’ny basket fund ny fitondrana any Paris.



*Ny fiiloha Ravalomanana sy ny ambasadaoron’i Frantsa.*

***Isambilo***

Imbeh Jovial

# Tsy marina avokoa ny 70% ny statistika navoakan-dRajoelina

*Naneho ny heviny momba ny valan-dresaka ho an’ny mpanao gazety nataon’n filoha Andry Rajoelina ny alahady teo, i Imbeh Jovial candidat présidentiel 2018.*



*Imbeh Jovial, kandidà filohampirenena tamin’ny taona 2018.*

‘’Ny zavatra tsapako tamin’ilay émission : « misaotra an’i Gascar Fenosoa sy Abraham Razafy nahatontosa ny asan’izy ireo. Matoa aho miteny dia te hanana ny tsara! Ho an’ny Filoha Andry Rajoelina: - aoka ianao hitandrina Andriamatoa Filoha amin’ny manodidina anao satria 70% données statistiques izay navoaka dia tsy marina avokoa. Tsy misy fake site tompoko ny Banque Mondiale. Les données sont là - aza afangaro tompoko ny origine sy nationalité : Barack Obama tompoko origine kenyane fa tsy manana nationalité afatsy Américaine . Jereo ny famaliana nataon’i Barack Obama an’i Donald Trump momban’io resaka io - Ho an’i Nelson Mandela indray dia tsy voafaritra ao anaty lalàna velona misy ao Afrique du Sud ny fananana double ou triple nationalité. Fa ny antsika gasy dia mazava tsara. Mikasika ny fianarana any ivelany, afaka manao renouvellement titre de séjour isan-taona ny mpianatra rehefa mbola hanohy fianarana ary misy vokatra tsara. Ary tsy tokony hafangaro ny Naturalisation sy Filiation. Jirama tompoko dia misy vahaolana fa tsy raisina izany. Aoka ny Ministère hijery izany satria efa ao amin’izy ireo ny vahaolana izay naroso. La vanille ihany koa dia misy vahaolana, fa aoka isika hahay handray sosokevitra. Misy ihany koa ny continuité de l’Etat. Tsy mahadiso ny miteny ny fotodrafitrasa izay notokanao, nefa kosa aza hadino fa nisy ezaka izay vita teo aloha. Ohatra: Ambilobe - Vohemar… Satria izay mandimby anao dia tokony hanonona ny anaranao raha misy ny asa izay natombokao. Eo ihany koa ny fandraisana ohatra ao Afrika mikasika ny inflation. Tsara marihina ihany koa dia tokony hatao corrélation miaraka amin’ny taux de croissance izy io, fa tsy raisina fotsiny amin’ny singany. Raisiko ohatra i Sénégal, izay nolazainao. Araka ny fanomanana ny fandaharana dia bilan no natao, izany hoe mibahana kokoa ny resaka politika. Aoka re tompoko mba tsy hatao politika ny tafika. Gaga ary talanjona ny tena raha nahita officiers généraux mitehaka ary nitsangana mihintsy aza nandritra ny fanehoan-kevitra politika. Chef suprême des armées ianao Andriamatoa Filoha, fa tsy chef suprême rendre les armées politiciens. Ao ihany koa ny resaka momba ny caution 200 millions d’ariary. Andriamatoa Filoha, nanamafy ianao fa tsy mila mandalo conseil de ministres ny décision ny gouvernement mikasika ny fifidianana. Ketraka ny tena satria nisy ny fanitsiana ny loi organique 2018-09 sy 2018-08 mikasika ny andininy vitsivitsy, anisan’izany io caution io. Tsy tokony handalo conseil de ministres sy parlement ve izany fa vitan’ny conseil de gouvernement ? Marina ihany koa ny teninao Andriamatoa Filoha fa 1400 milliard d’ariary ny subventions omena ny Jirama ary izay 80 milliard d’ariary ve dia tsy ho hitan’ny Fanjakana hikarakarana fifidianana ? Ka ny mahagaga dia ny mbola angatahantsika Basket Fund raha manana io vola io isika. Fa maninona tsy tonga dia nosoratana en totalité tao amin’ny LFI rehefa tsy nanao LFR ihany? Satria tsy misy io vola io ary ny subventions Jirama dia miankina ihany koa amin’ny PTF na ny mpiara-miombon’antoka. Ho anareo parlementaire izay nanatrika. Mitenena ny marina amin’ny Filoha ianareo izay marary ny vahoaka nifidy anareo, satria aoka mba ho tena solombavambahoaka ianareo ary mendrika izany toerana izany. Ianareo Ampanjaka, lonaka, olobe. Mijoro ary sahia miteny ny marina, rariny sy ny hitsiny mba hahafantaran’ny Filoha ny zavamisy marina. Tsarovy ny tantara fa ny fitondrana izay nirodana erantany dia voafahan-dalitra ny olona akaiky ny Filoha daholo, ka aoka ianareo hitondra ny teny tena izy. Vao nanomboka ny fandaharana dia hiram-pivavahana no nanombohana azy. Andriamatoa Filoha, tao amin’ny lapam-panjakana izany ary fantatsika ny ao anaty lalampanorenana mikasika ny atao hoe « Laïcité ». Tsy manakana antsika tsy hino izany, fa dans le cadre privé, nefa discours de l’Etat no natao. Ankoatr’ izay dia rehefa natao ihany dia tokony mba nasaina koa ireo filoham-pinoana misy toy ny FFKM, Silamo,… Farany Aza hadino ny manavaka ny Urgent sy Important, mankasitraka.’’

***Nangonin’i Stefa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Miala Rajoelina. J- 53

### Mandiso tantara hatrany, tsy ao ny lentam-pahaizany

Voarefy indray ny lentam-pahaizana amam-pahalalana mbamin’ny fomba fiheveran’i Andry Rajoelina, momba ny fitantanam-pirenena, taorian’iny « tafatafa » nataony ny alahady alina iny. Ankoatra ny teny tsy maintsy ambarany sy efa ampoizin’ny mpanara-baovao na ny olom-pirenena tsotra maro aza, dia teo ihany koa ny nahasorena azy. Betsaka mantsy ireo fanontaniana tsy novaliany mazava sy mahitsy, fa niolakolaka hatrany. Mazava loatra fa maneho ny toetrany ihany koa izany, toy ny tsy filazana tamin’ny vahoaka malagasy ny momba ny maha frantsay azy nialoha ny nirotsahany ho kandidà filoham-pirenena ny taona 2018. Efa maro ny resaka sy fanamarihana nataon’ny olom-pirenena, fa ny tiana hosoritana kely eto, dia ny momba ny tantara. Milaza izy, fa tia tantara, kanefa hita ho tsy mahafehy izany. Rehefa miresaka tantara izy, dia misy hatrany ny mifandiso. Niresaka momba an’i Jean Ralaimongo izy kanefa ahiana ho tsy hainy tsara ny vanim-potoana nanamarika azy, fa ny hany nambarany dia ny momba ny fizakana ny zom-pirenena, izay mazava loatra fa mahakasika azy sy miteraka resabe amin’izao fotoana izao. Toy izay koa ny momba ireo mpitarika ny MDRM. Mbola saiky nodisoiny aza, efa nodisoiny mihitsy aza vao nahitsiny haingana, asa nisy nanoro azy aloha, ny momba ilay fitenenana hoe “ mahita volana alohan’i Habib”. “Mahita biby alohan’ny volana”, hoy izy, izay vao nahitsiny. Mbola biby aza no teny re nambarany, fa tsy habib. Asa raha fantany koa aloha ny amin’i Habib?
Saiky mandiso tantara matetika rehefa miresaka izany i Andry Rajoelina. Toy izany, ny fanadisoany ny momba ny tantaran’i Rasalama maritiora. Samy nanamarika izany ny rehetra tamin’ny fotoana nanambarany izany. Ny fampiasany ny teny hoe “Plan Marshall” ihany koa, izay tena tsy misy idirany amin’ny zava-misy eto Madagasikara, sns... Raha amin’ny mpampianatra tantara jeografia, dia ratsy tanteraka avy hatrany ny naoty azony amin’izany fanadisoana tantara izany. Efa ratsy rahateo koa anefa ny naotiny amin’ny sehatra hafa omen’ireo mpanara-baovao, na ireo mpahay ny sehatra momba izany na amin’ny fitantanam-pirenena. Mety nahita fianarana ianareo, fa tsy natao hitondra, tsy mahay mitondra firenena, hoy ny mpanao politika iray avy amin’ny fanoherana. Mazava loatra, fa ratsy ny naoty azony amin’izany. Manamafy izay rahateo ny momba ny firesany ny alahady teo.

***Sôh’son***

Andry Rajoelina

# Vao mainka mampilentika azy ny fanambarany ny alahady teo

Vao mainka mampilentika ny tsy fitiavan’ny maro ny filoha Andry Rajoelina amin’ny ankapobeny, ny fanambaràna nataony nandritra ny tafa nataony ny alahady alina teo tao amin’ny haino aman-pirenena sy ny haino aman-jery tsy miankina vitsivitsy . Voalohany aloha dia nieritreritra ny olona fa Andry Rajoelina ihany no tokony niseho , saingy tsy nahatoky tena ity farany ka niantso ireo tandapa maro , minisitra sy ny depiote , ireo be galona , ary ireo nolazainy fa Ampanjaka sy Olobe eto amin’ny firenena . Midika io raha ny eritreriny fa hoe mbola ato andamosiny ireo olona ireo, fa tsy araka izay ambara etsy sy eroa. Raha nanaraka ny fandaharana ny rehetra dia mba nanantena fa hiova ity filoha efa ho tapitra fe-potoam-piasana ity afaka 2 volana eo ho eo raha hirotsaka ho fidiana izy . Gaga ny maro anefa fa fihetsika mizahozaho sy tsy misy fandeferana no nivoaka ny vavany , izy irery ihany no tia tanindrazana fa ny ankoatra izay tsy izy . Milaza fa tsy miraharaha izay tambazotran-tserasera , ka na misy 1000 aza ny fanehoankevitra misy ao dia tsy ampahafirin’ny vahoaka Malagasy izany . Nefa nahita fa nahamay be rehefa nivoaka teny amin’ny tambazotra fa mizaka ny zompirenena Frantsay Andry Rajoelina, sy tao amin’ny fahitalavitra tsy miankina iray dia may ny endimboanjo, ka nanao fandaharana tampotampoka teo . Mbola lainga hatrany no fahanana ny vahoaka Malagasy ary tsy fahaizana tantarampirenena manginy fotsiny izay tena mahamenatra, satria lasa miteniteny foana . Nandritra iny fandaharana iny dia tsy voavaly ny fanontanian’ny mpanao gazety, satria tsy araka ny neritreretina fa ho azo amboamboarina toy ny fanao amin’ireo mpanao gazetim-paanjakana matahotra sao ho voaroaka amin’ny asa no niseho , kanjo tsy araka izay . Ny natao dia any amin’ny zavatra hafa no hamiliviliana ny valinteny . Ireo zavatra nolazainy fa zava-bitany dia mieboebo hatrany ny filoha Rajoelina na fitohizan’ny raharaham-panjakana aza ireny asa ireny, fa izy no nanao azy . Ny vahoaka Malagasy anie misaina sady efa manaraka ny teknolojia avokoa, ka tsy manaiky ho voafitaky ny lainga izany intsony. Dia ho hita eo aloha fa andrasan’ny maro izany hoe 3 herin’andro dia tsy hisy delestazy izany intsony .

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Olan'ny delestazy

# Rajoelina no tokony hiala raha tsy voavaha anatin'ny 3 herinandro

Nandrasan'ny Malagasy liana amin'ny raharaham-pirenena tokoa ny resadresaka nataon'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina ny alahady lasa teo. Ireo lohahevitra nasongadin'ireo gazetin'ny fitondrana mivoaka isan'andro no tsara hanaovana fanadihadiana. Amin'ny ankapobeny dia tsy nisy afa tsy fameriverena ny saim-bahoaka toy ny fanaony ny resaka nataon-dRajoelina Andry Nirina iny alahady iny. Ny zava-nisy aloha dia nisy delestazy tany amin'ny fokontany maro tamin'ny fotoana nanombohan'ny fandaharana. Araka izany dia ny resaka delestazy nanomezan-dRajoelina Andry Nirina telo herinandro ny minisitry ny Angôvo sy Akoranafo hanafoanana izany no tena nanaitra ny maro. Raha tsy voavaha ato anatin'ny 3 herinandro io olan'ny jiro io hoy ny maro, ny filoha Rajoelina mihitsy no tokony hiala, satria avy any ambony mihitsy no tsy mahafehy ny fitantanam-pirenena.
Nenjehin'ny kandidà ho filoham-pirenena Rajoelina Andry Nirina, ny taona 2018, ny fitondrana Rajaonarimampianina Hery raha nampanantena fa nofoanana tao anatin'ny telo volana ny delestazy. Tsiahivina anefa fa ity filohan'ny Repoblika ankehitriny ity mihitsy no nampanantena fa hampitombo 400 Megawatts, ambonin'ny efa misy, ny herinaratra vokarina eto Madagasikara satria ny 15% ny mponina ihany no misitraka izany tamin'izany fotoana izany. Ny niainan'ny Malagasy tato anatin'ny dimy taona raha resaka deletazy anefa dia tena azo lazaina fa maizin-kitroka ny tanàna ary tsy nahavaolana ny jiro « cobra » napetraka etsy sy eroa satria tsy nanazava ny any an-tokantrano ary tsy namatsy ny asa fivelomanin'ny mpiasa tena mampiasa herinaratra ihany koa. Efa niova in-telo ny minisitry ny angôvo tao anatin'ny dimy taona ary toy izany koa ny tale jeneralin'ny Jirama. Amanjatony miliara ihany koa ny vola narotsaka ho fanampiana (subvention) ny Jirama isantaona ary amin'izao fotoana izao dia efajato sy arivo miliara (1 400 miliara Ariary) araka ny nolazain-dRajoelina Andry Nirina kanefa dia mbola miaina ao anaty haizina ihany ny 15%-n'ny Malagasy. Efa ho tapitra ny fotoana itantanan-dRajoelina Andry Nirina ary vao manomboka ny asa fananganana tohadrano hamokarana herinaratra any Sahofika sy Ivolobe, izany hoe tsy hanafoana ny delestazy ato anatin'ny telo herinandro izany, fa afaka dimy taona indray raha kely indrindra. Ny filohan'ny Repoblika izay mahita sy mahatsapa ary resy lahatra fa tsy maintsy voavaha ny olana delestazy ato anatin'ny telo herinandro no tokony hametra-pialàna raha tsy izay no hitranga, fa tsy ny minisitra na ny tale jeneraly indray no hesorina amin'ny toerany. Ny tsapa tokoa mantsy dia Rajoelina Andry Nirina hatrany no mahita avy amin'ny nofiny na avy amin'ny fivelezany rano na avy amin'ny mazia fa ho foana ny deletazy, ka rehefa tsy iainana izany dia izy nitompo teny fantatra no manaja tena iala satria tsy voalohany izany. Mibirioka any amin'ny tsy tokony ho izy koa ny valintenin-dRajoelina Andry Nirina momba ny fizakany zom-pirenena frantsay. Tsy misy olona afaka mamadika ny rà malagasy mikoriana ao anatin-dRajoelina Andry Nirina ho rà frantsay, fa sitrapony no nangataka ho frantsay ka ny Lalàmpanorenana novolavolainy ihany no manaisotra ny maha malagasy azy amin'ny maha filohan'ny Repoblika azy. Tsy mitombona ny fiarovan'ny minisitry ny Serasera sy Kolontsaina azy satria tsy ny rain-dRajoelina Andry Nirina no vazaha fa ny dadaben'ny dadabeny ary ambonin'izany dia tsy toy ny mirotsaka ho mpikambana ao amina sendika na antoko ka mameno taratasy firotsahana fotsiny dia vita, fa mangataka vao mahazo zom-pirenena hafa. Tsy misy ara-diplomatika ihany koa ny fanomezana zom-pirenena iray ka miteniteny foana ny talen'ny kabinetran'ny fiadidiana ny Repoblika. Nibaradaka Rajoelina Andry Nirina raha nilaza fa ny mba nahafahan'ny zanany mianatra any ivelany no nangatahany ny zom-pirenena frantsay, maro anefa ny Malagasy no manana zanaka mianatra any Lafrantsa kanefa tsy nilainy ny nangataka izany, ka mianatra any soa aman-tsara ny zanany. Koa satria lazaina fa ray amandrenin'ny Malagasy rehetra Rajoelina Andry Nirina dia afaka mangataka hianatra any Lafrantsa amin'ny alàlany daholo izany ny tanora Malagasy manana faniriana amin'izany? Na izany na tsy izany dia ny fiaiken-dRajoelina Andry Nirinan, fa nangataka ny zom-pirenena frantsay izy ary mizaka izany dia porofo tsy azo lavina sy ampy handraisan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) hamoaka didy fanonganana azy (destitution) tsy ho eo amin'ny toeran'ny filohan'ny Repoblika intsony. Na hiram-pivavahana aza no nialohan'ny resadresaka ny alahady teo dia misy tononkira iray manao hoe: "gaganao aho raolombelona, gaganao aho fa rehefa voa dia mipenompenona, rehefa faly aho dia avelao aho ho am'zao aaa". Ny marina tokoa tsy mba maty koa tsy maintsy miaina amin'ny FAHAMARINANA izany ny Malagasy manomboka izao, ka handray andraikitra tsy hanaiky lembenana sy tsy hanaiky ho vokisana lainga ary tsy hanaiky mpitondra mpandainga hitantana ny Firenena intsony…

***Andry Tsiavalona***

Fiarahamonina – andraikitra

# Mila vahaolana ny tsy fifampitokisana manjaka eto



Fositra iray lehibe manimba ny firenena amin'izao fotoana izao ny fikorosy fahan'ny fihavanana, ny tsy fisian'ny firaisan-kina, ary indrindra ny tsy fisian'ny fifampitokisana. Ity farany ity no hitan'ny Antso Fiarahamonina Kristiana ( AFK), fa tsy mampandroso ny firenena. Raha tsy voavaha izany, dia hihodinkodina fotsiny eto ny Malagasy tsy hahita lalan-kivoahana ialàna amin'izao fahasahiranana sy fahantrana lalina izao. Manana soson-kevitra sy vahaolana amin'izany ny AFK, ary efa ela izy no nilaza izany teto amin'ny firenena. Efa maro ireo sokajin'olona natonina niresahany ny momba izany sy ny tanjony amin'ny fanarenana ny firenena, ny tomponan'andraiki-panjakana samihafa, na fikambanana, hatramin'ny fiangonana. Ny andrasany dia ny fijoroan'ny olom-pirenena handray andraikitra ka hiara-hientana aminy. Ny AFK, tsiahivina, fa tsy fiangonana ary tsy manao politika. Fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

## TONONKALO

### *Mahereza re ry mpino !*

Raha vao mba mifoha maraina,
Inona no antenaina ?
Hatramin'ny rano hatsakaina
No indro maina, tena maina !

Tsisy hoentina mahandro
Mandra-paharivan'ny andro .
Jiro tsy lazaina intsony
Fa manao ny sitrapony !


Izany izao no zava-misy,
Mahonena nefa indrisy
Fa dia eto isika mihafy,
…Tsy hitsoaka ho any andafy !

Saingy mitrakà hatrany,
Atsaharo ny tomany
F'ao anaty rahona ao
Misy ilay mijery anao !

Koa aza kivy mirosoa
Fa momba antsika anie Jesoa.
Meteza re mba hotantanany,
Dia ho aminao ny Fiadanany !

***DADAN'i ZINA (17-07-23)***


### PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Hasina A.**


**Depiote Todisoa**

# Tontosa ny cours bacc maimaimpoana nandritra ny 3 volana

Fanadinam-panjakana bacc 2023, vita ny sabotsy teo ny Faradoboka ny cours Maimaimpoana sy fizarana « polycopes » Maimaimpoana, nandritra ny 3 volana ho an'ireo zanak'Ambohimanarina tsy ankanavaka, izay natao tao amin'ny ICM Antsararay Ambohimanarina, cours bacc izay nokarakarain'ny depiote Todisoa, voafidy tamin'ny antoko TIM.
Tonga nitso-drano sy nanome toromarika ireo mpanala fanadinana BACC ity olom-boafidy ity tamin'izany. Nambarany fa : ''mirary soa sy fahombiazana ho an'ny mpanala fanadinana BACC rehetra manerana ny Nosy, ary mitondra ambavaka anareo. Miarahaba ihany koa ireo afaka fanadinana BEPC rehetra ary mankahery ireo izay tsy afaka,'' hoy izy.



*Ny depiote Todisoa sy ireo mpanala bacc avy ao Ambohimanarina.*

***Niaina***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

**Fitiliana ireo katitakely, ho Barea, 7 taona no ho miakatra, tao amin'ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, fiaraha-miasa amin'ny coach Rôrô.**






**Forazaza faobe niaraka tamin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tany amin'ny commune Fiadanana distrikan'Ambohimasoa faritra Matsiatra Ambony. Zaza maro no nisitraka an' izany teto, nanatanteraka izany Dr Elysée Zanabahoaka sy ny mpiara-miasa aminy.**





**Tontosa ny Faradoboka Bacc, niarahana tamin'ny depiote Todisoa ao amin'ny Boriboritany faha-6, tao Ambohimanarina ny sabotsy teo.**





**Ny avy amin'ny Hafari Malagasy sy ny Fima nijery ifotony ny olan'ny tantsaha amin'ny resaka tany any Mampikony.**





## NY TENY FIAINANA

*"Lazaiko aminareo marina tokoa: na inona na inona fehezinareo ety ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanareo ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra."*
***Matio 18:18***

### Barea Jeux des iles 2023"

# 30 ireo mpilalao voaantso

Nivoaka ihany koa ankehitriny ny lisitr'ireo mpilalao "¨Préselectionnés Barea jeux des iles 2023", voaantso hifantenana an'ireo handray anjara amin'ny Lalaon'ny Nosy 2023, izay ho tantanan'ny mpanazatra nasionaly "Coach Rakotondrabe Romuald Félix" na i Me Rôrô. Mpiandry harato : Rakotohasimbola Zakanirina (Elgeco Plus), Razanamparany Bary Malala Tsitohaina (As Fanalamanga), Andriatsilavina Fabrice (Fosa Juniors). Vodilaharana : Randrianiaina Tantely Antoine (Disiples Fc), Randriamanampisoa Elysée Tony (Elgeco Plus), Randrianarisoa Mahavy Tiana (Mama Fc), Rabemananjara Radoniaina (As Fanalamanga), Randriamanampisoa Rijaniaina Nicolas (Fosa Juniors), Rabarijaona Tantely Avotriniaina (Cffa), Rakotondrajoa Nantenaina Andy (Disciples Fc), Razafindraibearimihanta Soloniaina Rajonirina (Jet Kintana), Rakotonirina Jean Martin (Elgeco Plus), Manolelantsoa Ando Nampoina (Js St Pierroise), Roger Ramanjary Théodin (Ste Suzanne), Amourson Andrianinaina Aurélien (Fosa Juniors). Irakiraka : Raheriniaina Ahmad El Hadary Ylan Clovis (St Michel United), Andrianarimanana Andriamirado Arohasina (Fosa Juniors), Rakotoarisoa Baggio Romario (Jeanne d'Arc), Rafanomezantsoa Lalaina (Cffa), Randrianarijaona Tendry Mataniah (Disciples Fc), Randriatsiferana Tokoinantenaina Olivier (Fosa Juniors), Rakotoarisoa Tiavina Mickael (Fosa Juniors), Andriamanjato Rojo (St Pauloise Fc), Rakotoarisoa Jean Aimé (Elgeco Plus), Ramamonjisoa Onja Anrianina (As Fanalamanga), Ranaivo Harison Aristide Vévé (Fosa Juniors). Lohalaharana : Razafindrakoto Jean Yvon (Fosa Juniors), Razafimaro Fenohasina Gilles (Ajesaia), Rakotondraibe Toky (Cosfa), Andrianantenaina Angelo Andreas (As Excelsior).



*Coach Roro hitondra ny Barea amin'ny Lalaon'ny Nosy 2023.*

***Rainilita***

### Fivoriambe ara-potoanan'ny CAF

# Nanatrika an'izany Andrianony Victorien

Nisokatra tamin'ny alakamisy 13 jolay 2023 tany Abidjan Côte d'Ivoire ny fivoriamben'ny kaonfederasionan'ny baolina kitra afrikanina (CAF) andiany faha-45, ka natrehin'ny filohan'ny FIFA Gianni Infantino, sy ny mpanao gazety iray avy any Ivoirebusiness, Yacine Idriss Diallo, filohan'ny Federasiona Ivorian 'ny baolina kitra (FIF) ny fotoam-panokafana. Re tany Abidjan fa hanamarika ny kihon-dalana izay hahatonga an'i Côte d'Ivoire ho ivon'ny baolina kitra afrikanina ity fihaonana ity, ka hiaraka aminy ihany koa ny antsapaka amin'ny fifanintsanana fiadiana ny ho tompondaka eran-tany FIFA 2026 Faritra Afrika. Ho fanampin'izay, hatao any amin'ny « berges de la lagune Ebrié » amin'ny 12 Oktobra 2023 ny fisarihana ny fifaninanana CAN 2023 ary ny fikarakarana ny dingana farany amin'ny fifaninanana « finale de la Women's Champions League », izay ho tontosaina amin' ny 5 ka hatramin'ny 19 novambra 2023 ho avy izao, ka i Côte d 'Ivoire ihany koa no handray an'izany fanintelony. Ny filohan'ny FIFA Gianni Infantino dia niarahaba ireo kintan'ny baolina kitra afrikana sy ireo tompondakan'i Afrika amin'ny baolina kitra, noho ny pejy mahafinaritra amin'ny baolina kitra natolotr'izy ireo ho an'ny kaontinanta sy izao tontolo izao. Ary nampiany koa ny hoe : "ny anjaranay dia ny manome fotodrafitrasa hahafahanareo hamirapiratra amin'ny fifaninanana, fa miroborobo ny baolina kitra afrikanina, ka faly aho ary nanome toky fa mbola ho avy ny tsara indrindra". Amin'izao fivoriamben'ny CAF tsotra izao, ny tompon'andraikitra amin'ny baolina kitra eto amin'ny kaontinanta no handrafitra ireo hevidehibe amin'ny hetsika, mba hampitomboana ny fahombiazan'ny athleta sy hiatrehana ny fanamby atrehin'ireo klioba. Marihana fa nanatrika an'ity fivoriana ity ny filoha "Président p.i de la Fédération Malagasy de Football, Andrianony Victorien".




*Andriamatoa Andrianony Victorien any Côte d'Ivoire.*

***Rainilita***

### Tournoi de Vacances National 2023

# Hifarana amin'n 30 jolay izao ny fisoratana anarana



*Ny kianja Rabemananjara Mahajanga.*

Mampahafantatra ny mpikarakara ny hetsika baolina kitra, « Tournoi de Vacances National 2023 » andiany faha- 12, izay ho karakarain'ny Dandjy-3, sy ny A.S.S.C.A.B fa hanomboka amin'ny talata 15 aogositra ka hatramin'ny talata 22 aogositra 2023, ho an'ny sokajy 8, 10, 12, 14, 16, 18, 20 taona ary ny vehivavy, fa amin'ny 30 jolay 2023 ho avy izao, no fandraisana farany an'ireo ekipa maniry ny mbola handray anjara amin'ny fifaninanana, ka mahafeno ny fepetra takian'ny fifaninanana. Fantatra ankehitriny fa Faritra miisa 5 amin'ireo 8 nasaina izao no efa manana solontena handray anjara amin'ity hetsika hatao ao amin'ny kianja « Stade Rabemananjara Mahajanga » ity.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Brochette na masikita trafony indray, laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny voankazo ampalibe

Anisan'ny voankazo tena tsara ary mamy ny ampalibe. Ireto avy ny zava-tsoa azo avy aminy:
- Tsara ho an'ny taolana, misy calcium, miaro amin'ny aretina ostéoporose ( aretin'ny taolana).
- Mampatanjaka ny hery fiarovana.
- Manala tavy.
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina.
- Mampihena ny risika fahasimban'ny fo.
- Tsara ho an'ny hoditra.
- Mampilamina ny tosi-drà.
- Miaro amin'ny anémie ( tsy fahampina rà).
- Miaro amin'ny cancer, na homamiadana.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Fetraomby distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Fetraomby distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Fetraomby ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Vokatra any ny vary, ny fary, ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny letchi. Ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga.



FANADINANA BAKALOREA

# Tsara fanomanana ny any Toamasina

Tsara fanomanana ny fanadinana baccalauréat any Toamasina, fanadinam-panjakana izay nanomboka omaly 17 Jolay, ato amin' ny Faritra Atsinanana, Analanjirofo, Alaotra, Mangoro. Miisa 31792 ny isan'ny mpiadina, ka ny 1577 amin'ireo no manao Baccalauréat Technique , ary 2220 ireo " candidats libres." Nisy fiakarany 767 ny isan'ny mpiadina tamin'ity taona ity. 63taona ny zokiny indrindra ary 13 taona ny zandriny indrindran, izay mpiadina any Mananara Avaratra faritra Analanjirofo. Nanomboka tamin'ny 7 ora maraina ny fanadinana tamin'ny omaly 17 Jolay. Ireo no fantatra nandritra ny fihaonana tamin'ny Mpanao Gazety nataon'ny Filohan'ny Université eto Toamasina sy ireo tompon'andraikitra misahana ny fanadinana, notarihan'ny rektoran' ny Oniversite toamasina Diny Razanakolona.



Ny Oniversiten'i Toamasina, anisan'ny handray ireo afaka bacc taom-pianarana 2023.

**Fanja Aina**

''Nampoina, ny riaka no valampariako''

# Sarimihetsika Malagasy ho fanamafisana ny firaisam-pirenena

Vita ary nalefa voalohany tetsy amin'ny Canal Olympia Andohatapenaka, mialohan'ny hijeren'ny be sy ny maro azy, na natao avant-première, tetsy amin'ny Canal Olympia Andohatapenaka ny sabotsy teo, ilay sarimihetsika Malagasy : « Nampoina, ny riaka no valampariako. Nanoratra ity sarimihetsika Malagasy ''Nampoina, ny riaka no valampariako'' ity, Profesora Raymond Ranjeva, niaranatontosa Henri Randrianierenana sy Ramatoa Haingotiana Rasolondraibe. Namolavola ity tetikasa famokarana sarimihetsika ity kosa ny fikambanana Valamparihy sy Tahiana Razafinjoelina, notohanan' ny Vidy Varotra, ny FTHM, ny Solar Productions, ny Silver Ties Writer ary ny Fireflies. Ora iray sy 40 min no faharetan'ity sarimihetsika Malagasy ity, mitantara ny Mpanjaka Andrianampoinimerina. Tanjona ny fanamafisana hatrany ny firaisam-pirenena hoy ny mpanoratra Profesora Raymond Ranjeva, nandritra ny fotoana ny faran'ny herinandro teo io. Halefa eto an-toerana sy any ivelany ity sarimihetsika: "Nampoina, ny riaka no valampariako ity", ka ny 29 jolay ho avy izao izany no hanomboka heverin'ny mpikarakara hojeren'ny daholobe. Ankoatr'izany, mba hoentimanana amin'ny fanapariahana ity sarimihetsika ity izay, mbola miantso tolo-tanana ho an'ny rehetra tsara sitrapo ihany ny fikambanana Valamparihy sy ny mpikarakara miaraka aminy.


Ireo nitoto nahafotsy sy nahandro naha-masaka ny sarimihetsika: "Nampoina, ny riaka no valampariako."

**Aly**

Hafari Malagasy sy Fima

# Hitady vahaolan'ny tantsaha amin'ny resaka tany any Mampikony

Nihaino ireo vahoaka izay mampiasa ny tanin'ny Group Socota sy ny Sarlacos amin'ny fambolena black eyes, any amin'ny distrikan'i Mampikony faritra Sofia, ny Filohan'ny Hafari sy ny FIMA, rehefa naharay ny fitarainan'ireo mpamboly noho ny fibodoan'olom-bitsy ny tany hofain'izy ireo. Mamelona ireo tantsaha mpamboly, tanora, zaza amam-behivavy mananontena izany tany izany, nefa misy manakorontana sy mampiasa herisetra raha ny fitarainan'ireo mpamboly ka nampitondra takaitra azy ireo ara-moraly sy ara-batana.

Noho izany dia nanao fidinana ifotony ny ekipa avy ao amin'ny HAFARI Malagasy sy ny FIMA, izay notarihan-dRafanomezantsoa Jean Nirina sy Andrianjakatiana Johny Paul, nihaino azy ireo sy hikaroka vahaolana hisian'ny filaminana maharitra ho an'ireo mpamboly. Noho izany dia miantso ny tompon'andraikitra ambony sy ireo manam-pahefana mahefa izy ireo, mba hitodika amin'ny raharin sy ny hitsiny, fa tsy hiray tsikombakomba amin'ny famonoana ny Malagasy mpiray Tanindrazana ary tsy hampanjaka ireo zatra manao tsindry hazo lena amin'ny vahoaka Malagasy.


Ny fidinana ifotony, nataon'ny avy amin'ny Hafari Malagasy sy ny Fima, tany Mampikony.


**Stefa**

Fifanintsanana aty Afrika Coupe du Monde 2026

# Hiray vondrona amin'i Ghana indray i Madagasikara

Tontosa tany Abdjan Côte d'Ivoire tamin'ny alakamisy 13 jolay 2023 teo, taorianan'ny fotoana nanokafana ny Fivoriambe "Assemblée Générale Ordinaire de la CAF" andiany faha-45, ny antsapaka hoan'ny fifanintsanana aty Afrika hahazoana miatrika ny "Mondial 2026", izay ho tontosaina any Canada sy Etats-Unis ary Mexique mitambatra, fantatra fa iray vondrona amin'i Mali, Ghana, Centrafrique, Comores ary i Tchad i Madagasikara. Ekipam-pirenena niisa 9 no voatendry ho « Têtes de séries » tamin'izany antsapaka izany dia Sénégal tompondakan'i Afrika farany, Egypte, Nigéria, Cameroun, Maroc, Côte d'Ivoire, Algérie, Tunisie ary Mali. Ireo ekipa 9 voalohany isam-bondrona dia ho tafita amin'izany avokoa ary ny «quatre meilleurs deuxièmes » dia hiatrika ny lalao « barrages », hanampy an'iretsy ekipa 9 iretsy. Haharitra 2 taona (novambra 2023 ka hatramin'ny oktobra 2025") ny fifanintsanana, ka ny andro roa voalohany dia ho tanterahina amin'ny 13 sy 21 novambra ho avy izao. Ireo Vondrona voafidy tamin'izany : Groupe A : Égypte, Burkina Faso, Guinée Bissau, Sierra-Leone, Ethiopie, Djibouti, Groupe B : Sénégal, République démocratique du Congo, Mauritanie, Togo, Soudan, Soudan du Sud, Groupe C : Nigeria, Afrique du Sud, Bénin, Zimbabwe, Rwanda, Lesotho, Groupe D : Cameroun, Cap vert, Angola, Libye, Eswatini, Île Maurice, Groupe E : Maroc, Zambie, Congo, Tanzanie, Niger, Erythrée, Groupe F : Côte d'Ivoire, Gabon, Kenya, Gambie, Burundi, Seychelles, Groupe G : Algérie, Guinée, Ouganda, Mozambique, Botswana, Somalie, Groupe H : Tunisie, Guinée équatoriale, Namibie, Malawi, Liberia, Sao Tomé et Principe, Groupe I : Mali, Ghana, Madagascar, Centrafrique, Comores, Tchad.

***Rainilita***



Antsapaka tany Côte d'Ivoire.

Lalao Asief Nasionaly "Tamatave 2023"

# Ny tsara ho fantatr'ireo mpandray anjara

Tsy ho ela dia ho tanterahina any Toamasina ny fifaninanana Asief nasionaly 2023, ho an' ireo mpiasampanjakana manerana ny Nosy. Manoloana an'izany dia nanafatrafatra farampanarany an'ireo mpandray anjara ny filoha nasionalin'ny Asief, Botosera John Love, ka nanambara ny hoe : "Ry Mpiasampanjakana namako, efa manakaiky ilay fotoana hanatanterahana ny lalao "Jeux National ASIEF 2023" izay atao any Toamasina, koa samia manaraka ny toromarika izay voalaza toy izao : fara-fisoratana anarana : 25 Juillet 2023, fepetra hahafahana mandray anjara : -tsy maintsy mpiasampanjakana ireo mpilalao, -Manana « Bordeaux d équipes » mazava, -Manana « livré de délégation » mazava tsara soniavin'ny « chef de délégation », -Mitondra « Bordeaux de Versements »-ny « droit d engagement » vao afaka mandray anjara amin'ny « réunion technique ». -Tsy maintsy mitondra CIN mandritra an'ireo lalao hatao, -Tsy maintsy manana « Licence », -Date hanatanterahana ny fifaninanana 30 jolay ka hatramin'ny 12 aogositra 2023. Afaka mandray anjara avokoa izay rehetra mahafeno fepetra. Mankasitraka tompoko. »


Andriamatoa John Love, filohan'ny ASIEF.

***Rainilita***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 15/07/2023 hatramin'ny 22/07/2023**

- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 038 37 007 07/032 11 220 11

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1454-07-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**PROJET PRÉSIDENTIEL**

# Tsy ekena ny fampanofana ny Nosy Sakatia 99 taona hoy ny Collectif Tany

*Tsy ekena ny fampanofana ny Nosy Sakatia any amin'ny faritra Diana mandritra ny 99 taona, izay atao amlin'ny projet presidentiel, hoy ny Collectif Tany. Nandefa taratasy misokatra ho amin'Andriamatoa filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara Andry Rajoelina izy ireo mahakasika izay.*

''Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, ambonin'ny lalàna ve ny « projet présidentiel » eo amin'ny sehatry ny fizahantany izay nahatonga ny fampanofana mandritry ny 99 taona ny Nosy Sakatia ?

Io no fanontaniana mahitsy sady rariny apetrakay fikambanana manao sonia ity taratasy misotraka ity, izay mpiaro ny zon'ireo fokonolona voakasika sady mpiara-miombon'antoka amin'izy ireo, manoloana ny zava-misy manodidina ny fampanofana tany mandritry ny 99 taona tsy ara-dalàna nifanarahan'ny mpampiasa vola lehibe fanta-daza ao amin'ny orinasa GREEN MADA LAND sy ny manam-pahefana Malagasy, mikasika ny Nosy Sakatia ao amin'ny faritra Diana any avaratra-andrefan'i Madagasikara.

Mahafantatra tsara ireo tompon'andraikitra amin'ny fananan-tany sy ny tontolo iainana any an-toerana, fa ny mponina ao amin'ny Nosy Sakatia dia efa nahazo ny famindram-piandraiketana sy fitantanana ny loharanon-karena voajanahary ao amin'ny nosiny (bénéficiaire du transfert de gestion locale), ka noho izany dia tsy azo ampanofaina ny Nosy Sakatia . Vao mainka tsy ara-dalàna ary mampametra-panontaniana io fampanofana tany mandritry ny 99 taona io, satria mahafantatra tsara koa ireo manam-pahefana mahefa any an-toerana, fa misy ny Arrêté N° 27 227/2019-MAHTP nivoaka tamin'ny 29 novambra 2019, izay nanafoana tanteraka io fifanarahana mikasika ny bail emphytéotique tamin'ny orinasa GREEN MADA LAND io.

Andriamatoa Filohan'ny Repoblika,

Ny « bail emphytéotique » dia mitovy amin'ny varotra, raha ny fiantraikany amin'ny Malagasy no jerena, satria ny olona monina eo amin'izao fotoana izao dia tsy afaka hiaina sy hiasa eo intsony, tsy hahazo alàlana handevina ny matiny eo intsony ary ny taranany tsy afaka handova ireo taniny ireo. Ny fampanofàna tany mandritry ny 99 taona no tena ratsy indrindra.

Tamin'ny Alarobia 24 Mey 2023 anefa dia nantsoin'ny tompon'andraiki-panjakàna samihafa ao Nosy-Be ireo fokonolona voakasika, izay mivondrona ao amin'ny fikambanana Anjava Sakatia, ary nampandrenesiny fa hafindra monina izy ireo satria efa voaloan'i GREEN MADA LAND ny hofan-tany mandritry ny 99 taona amin'ny fanjakana Malagasy, sady efa natao « enregistrement » ao amin'ny Centre fiscal ao Nosy-Be ilay « bail emphytéotique ».

Nanao fivoriana lehibe sy serasera tamin'ny haino vaky jery, mba nanehoany ny fanoherany ny fanesorana azy amin'ny taniny sy ny ahiahiny momba ny famindran-toerana azy ireo fokonolona voakasika. Rehefa nahare ny akon'izany hetsika fanoherana samihafa nataon'ny fokonolona izany ny tompon'andraikitra iray, dia nanao antso avo tamin'izy ireo indray mba tsy hitabataba sy hanohitra, fa hanaiky kosa ny fanaovana raharaham-pihavanana amin'ny orinasa GREEN MADA LAND satria « projet présidentiel » no tsy maintsy hotanterahiny.

Andriamatoa Filohan'ny Repoblika,

Mino izahay fa hitanao mazava tsara noho izany fa voahitsakitsaka tanteraka ny zon'ireo fokonolona voakasika amin'ny lafiny maro :

-hatrany am-boalohany dia tsy nomena azy ireo ny zo hahafantatra sy hanapakevitra mikasika ity bail emphytéotique ity, izay voafaritra mazava ao anatin'ny lalàna mifehy ny fananan-tany fa tsy azo hampanofaina ny nosy ;

-ny zo tsy hanaiky ny fangoronan'ny hafa ny taniny izay efa noraisiny ny andraikitra hikajy sy hampiroborobo azy.

-ary indrindra indrindra ny zony hiaro ny tanindrazany sy ny foto-pivelomany.

Izany fanitsakitsahana ny zon'olombelona izany dia vokatry ny tsy fanarahandalàna sy ny hatevenan'ny manjavozavo izay manjaka eo amin'ny fampiasam-bola ao amin'ny sehatry ny fananan-tany amin'izao fotoana izao, anisan'izany ity « projet présidentiel » ao Sakatia ity.

Manao antso avo aminao izahay mba tsy hamela an'io tetikasa io hiteraka fijaliana sy fandravana ny fari-piainan'ireo fokonolona voakasika, araka ny fianianana izay nataonao « fa hampiasa ny fahefana natolotra ahy ary hanokana ny heriko rehetra hiarovana sy hanamafisana ny firaisam-pirenena sy ny zon'olombelona. Mianiana aho fa hanaja sy hitandrina toy ny anakandriamaso ny Lalàm-panorenana sy ny lalàm-panjakana, hikatsaka hatrany ny soa ho an'ny Vahoaka malagasy tsy ankanavaka "

Ireo fikambanana miara-manasonia ity fanambaràna ity dia :

-mampahatsiahy hatrany fa ny Lalàmpanorenana manankery dia mampisongadina ny fanajan'i Madagasikara ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona ara-toekarena sy ara-tsosialy ary ara-kolontsaina, ary manambara fa ny fitantanana tsara ny raharaham-pirenena dia mitaky mangarahara eo amin'ny fitantanana;

-maneho ny firaisan-kinany feno amin'ireo mpiray tanindrazana Malagasy monina ao amin'ny Nosy Sakatia, manoloana ity tetikasa ity izay miteraka adi-tsaina mafy sy loza manambana ny zony ara-toekarena sy ara-tsosialy ary ara-kolontsaina.


Manantena valin-teny mazava sy mahafapo amin'ny fanontaniana napetrakay izahay, Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, ary manolotra anao ny haja ambony indrindra.''

***Nangonin'Isambilo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 438**





**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## TENY MIFANAPAKA N° 438




**Mitsivalana**

**1.** Manombana **2.** Fanafody (miv) - Hazo maro - Tsofoka fanitarana **3.** Boky misy dikan-teny **4.** Milaza fananana - Andriamatoa **5.** Bibilava - Biby misy elatra - Volafotsy, varahina **6.** Tezitra **7.** Faneva - Naoty **8.** Lakroa (miv) - Mpisolo tena **9.** Sarotra vidiana (miv) - Ambany toerana **10.** Raisinay - Zanatsoratra mitovy

**Mitsangana**

**A.** Goavana, be velarana **B.** Tsy tadidy - Ariary **D.** Fototry ny tazo - Aziatika **E.** Manavotra ireo banga **F.** Tampisaka - Reraka - Mampitovy ny tany sy rano **G.** Hazo goavana - Tady **H.** Vantony **I.** Mpanondro toerana - Kitapo nifonosana **J.** Naneho fitsaharana - Tamy **K.** Vizana - Mamba

## Valiny Teny Tondro (0437)

**Mitsivalana**

- Fanasana
- Anay - Na
- Nahandro
- Vary (miv)
- Ovay - Ota
- Kanto - RR
- Ala - Fia

**Mitsangana**

- Fantoka
- Ana - Val(o)
- Nahoana
- Aia ? - Ti (miv)
- Ny - Fo (miv)
- Andro
- Naratra
- Ravo (miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0437

**Mitsivalana**

**1.** Fandoavana **2.** Anie - Monja **3.** Latsabato **4.** Aato - Oly **5.** RM - AAA **6.** Arabo - IN **7.** TR - Andro (miv) **8.** Voaray (miv) - Ran(o) **9.** Sa - Maloka **10.** Ha - Tsia - AT

**Mitsangana**

**A** Falifaly **B.** Ana - Asa **D.** Nitaratra **E.** Desambra **F.** AT - OMS **G.** Amboa - Ovay **H.** Voa - Ry (miv) - La **I.** Antoandro **J.** Njola - Naka **K.** AA - Tananay (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka, A.T.

**Ny filoha Marc Ravalomanana nanatrika ny fankalazana ny fetim-pirenena Frantsay, teny Ivandry ny zoma 14 jolay lasa teo.**











**Ny famoahana voalohany ilay sarimihetsika : Nampoina, ny riaka no valampariako, tao amin'ny Canal Olympia Andohatapenaka ny sabotsy teo.**



